Fitiavana

Ny endrika avo indrindra amin'ny fitiavana

Ataovy amin'ny fitiavana ny zavatra rehetra.
1 Korintiana 16:14

Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho, nefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana.

Ary na dia manana faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sy ny fahalalana rehetra; ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, nefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho.

Ary na dia omeko hohanina ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako, nefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahasoa ahy akory izany.

Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona; ny fitiavana tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny ho azy, tsy mora sosotra, tsy manao ratsy; Tsy mifaly amin’ny heloka, fa mifaly amin’ny fahamarinana kosa; Mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra.

Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny faminaniana, dia ho levona; na misy fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra; na misy fahalalana, dia ho foana.

Fa sombintsombiny ny fahalalantsika, ary sombintsombiny ny faminaniantsika. Fa rehefa tonga ny tanteraka, dia ho foana ny ampahany. Fony mbola zaza aho, dia niteny toy ny zaza, nihevitra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza, fa nony efa lehibe aho, dia nariako ny fahazazana. Fa ankehitriny isika mizaha ao amin'ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa ankehitriny mifanatri-tava; fa amin'izay dia ho fantatro izay nahafantarana ahy.

Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana; fa ny fitiavana no lehibe indrindra.

1 Korintiana 13

Miambena ianareo, tomoera tsara amin'ny finoana, mahereza. Ataovy amin'ny fitiavana ny zavatra rehetra.
1 Korintiana 16:13-14

Koa mitafia famindrampo, fahamoram-panahy, fanetren-tena, fahalemem-panahy, fandeferana, araka ny olom-boafidin'Andriamanitra sady masina no malala; Mifandefera, ka mifamelà heloka ianareo, raha misy manana alahelo amin'ny sasany; Ary ambonin'izany rehetra izany, mitafia fitiavana, fa fehin'ny fahatanterahana izany. Ary aoka hanapaka ao am-ponareo ny fiadanan'Andriamanitra, ho amin'izany no niantsoana anareo ho tena iray; ary aoka hisaotra ianareo. **Kolosiana 3:12-15**

ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. Tsy maintsy misaotra an'Andriamanitra mandrakariva izahay noho ny aminareo, ry rahalahy, araka izay mety, satria mitombo fatratra ny finoanareo, ary mitombo ny fifankatiavanareo rehetra; ka ny tenanay ho reharehanareo ao amin’ny fiangonan’Andriamanitra noho ny faharetanareo sy ny finoanareo amin’ny fanenjehana sy ny fahoriana rehetra izay iaretanareo,
2 Tesaloniana 1:2-4

Ary ny anton'ny didy dia fitiavana avy amin'ny fo madio sy ny fieritreretana tsara ary ny finoana tsy mihatsaravelatsihy, **1 Timoty 1:5.**

Fa izany no ikelezanay aina sy iezahanay, satria izahay matoky an'Andriamanitra velona, Izay Mpamonjy ny olona rehetra, indrindra fa izay mino. Izany zavatra izany no andidio sy ampianaro. Aoka tsy hisy hanao tsinontsinona anao ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino ianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondran-tena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana. Mandra-pihaviko, tandremo ny famakiana, ny fananarana, ny fampianarana. **1 Timoty 4:10-13**

Fa ny trano lehibe dia tsy fanaka volamena sy volafotsy ihany, fa fanaka hazo sy tany koa; ary ny sasany homem-boninahitra, ary ny sasany ho afa-baraka. Koa raha misy olona manadio tena ho afaka amin'izany, dia ho fanaka homem-boninahitra izy, efa nohamasinina ka miendrika ho an'ny tompony sady voaomana ho amin'ny asa tsara rehetra. Ary mandosira ny filan'ny tanora fanahy; fa miezaha kosa fahamarinana, finoana, fitiavana, fihavanana amin'izay miantso ny Tompo amin'ny fo madio. Fa halaviro ny fanontaniana adaladala sady adala, satria fantatrao fa mampifanolana ny lahy sy ny vavy izany. **2 Timoty 2:20-23**

Fa antomotra ny faran'ny zavatra rehetra; koa hendre ka mahonona tena ho amin'ny fivavahana. Ary mihoatra noho ny zavatra rehetra, mifankatiava tsara; fa ny fitiavana manarona ny fahotana maro. Mifampiantrano ka aza mimenomenona.
1 Petera 4:7-9

Ary ho fanampin'izany, amin'ny zotom-po rehetra, ampio ny hatsaran-toetra amin'ny finoanareo; ary ho amin'ny hatsaran-toetra fahalalana; Ary amin'ny fahalalana ny fahononam-po; ary amin'ny fahononam-po dia faharetana; ary amin'ny faharetana dia toe-panahy araka an'Andriamanitra; Ary amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, dia ny fitiavana ny rahalahy; ary amin'ny fitiavana ny rahalahy. Fa raha anananareo izany zavatra izany, sady anananareo betsaka, dia tsy ho malaina na tsy hahavokatra ianareo amin'ny fahalalana an'i Jesosy Kristy Tompontsika. **2 Petera 1:5-8**